



FOMBA FIJERY KRISTIANA NY ASA FANASITRANANA, ARAKA NY BAIBOLY

Voatery nihiboka isika nandritra ny telo volana mahery noho ny valanaretina manenika (pandémie) Corona virus. Niarahantsika nahita ny hetahetam-bavaka teo amin'ny olona nandritra izany fotoana izany, fa samy nanaraoraotra daholo izay afaka nanao fotoambavaka, fampianarana sy fitoriana tamin'ny alalan'ny tambazotra serasera isan-karazany. Hita tao anatin'izany ny vavaka fangatahana fanasitranana, sy ny fijoroana ho vavolombelona (témoignages) nataon'ny olona narary fa sitrana soa aman-tsara. Mety ho tao anatin'ireo nivavaka tsy tapaka nangataka fanasitranana ireo isika, nefa mety nisy koa tao anatin'ireo sitrana nijoro vavolombelona. Zava-dehibe ny Fahasitranana, ka izany, heveriko, antony nahatonga ny VFL hisafidy ny handalinantsika momba ny Fanasitranana amin'izao Fandalinam-pinoana fanaontsika FPMA isan-kerinandro izao.

Ny tsara homarihana voalohany, *midika ho fandrindrana ny fihavanantsika amin'Andriamanitra, sy ny filaminana tsara ao amin'ny tenantsika manokana, ny fandraisana ny hevitra ny ny fahasitranana amin'ny fomba fijerintsika Kristiana amin'ny ankapobeny.* Tsy azo sarahina amin'ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra mantsy ny fandikantsika ny fahasitranana. Tsy vitsy ny olona nivavaka nangata-pahasitranana, nefa diso fanantenana satria tsy sitrana, ka nisy nanontany tena, hoe «*Fa inona ny ratsy nataoko no tsy nohenoin'Andriamanitra ny vavaka?*» Nisy koa ny nanjary nanome tsiny an'Andriamanitra. Sarotra amin'ny olona mantsy ny manaiky ny fetrany amin'ny maha-zava-boaary azy (reconnaissance de ses propres limites), ka ny fitodihany mandrakariva amin'ny tenany ihany dia mahatonga azy, na hahatsiaro tena ho diso foana (sentiment de culpabilité), na hampanga ny hafa ho anton'ny fahavoazany, ary miafara amin'ny fiampangany an'Andriamanitra.

Misy foto-kevitra roa ihany no hovelabelarintsika raha handinika ity lohahevitra momba ny Fanasitranana ity:

- ⇒ Ny Fanasitranana ao amin'ny Fiangonana: zava-mitranga ihany ve (événement), sa Rafitra (Institution)?
- ⇒ Andalan-tSoratra masina voafidy milaza momba ny Fanasitranana

➔ NY FANASITRANANA EO AMIN'NY FIANGONANA, ZAVA-MITRANGA VE SA ARA-DRAFITRA (ÉVÉNEMENTIEL OU INSTITUTIONNEL)?

Matetika, raha miresaka momba izany Fanasitranana izany isika, fijanonan'ny fahoriana na ny fangirifiriana ka miverina amin'ny toetrany taloha ny fiainan'ilay olona narary no fiheverana azy. Kanefa tsy izany foana akory no mitranga, fa ny aretina mafy manjo ny olona iray dia tsy maintsy mamela marika foana, takaitra, ary tsy azo lazaina mihitsy ny hoe tena sitrana tanteraka. Raha ny marina, ny fahasitranana dia fahatsapana fa mitohy indray ny fiainana ka afaka miaina ao anatin'ny fahatsapana ny fetra isika (vivre avec nos limites), ka manadino ny fitokisana amin'ny hery lehibe iankinana (sans la nostalgie d'une toute-puissance). Vao tamin'ny volana Janoary tamin'ity taona 2020 ity, ry havana, no nisy Fikaonan-doha iraisam-pinoana (Colloque interconfessionnelle) momba ny «**POUVOIR DE GUÉRISON**», natao tao amin'ny *Institut Catholique*, rue de Vaugirard, tao Paris. Teôlôjiana maro no nandray anjara tamin'izany. Nahazo ny Tatitra momba izany Fikaonan-doha izany aho (Acte du Colloque). Horaisiko manokana, hohalalinina ny fanamarihana nataon'ny teôlôjiana protestanta, Jean-Louis Leuba, nanoratra momba ny *L'Institution et l'Événement*¹, endrika roa isehoan'ny fiasan'Andriamanitra araka izay hita ao amin'ny Fanekena Vaovao, noresahina tao amin'io Fikaonan-doha io. Iaraha-mahalala mantsy fa ampifangaroin'ny olona foana ny zava-mitranga, asa ataon'Andriamanitra ho an'ny olona eo amin'ny fotoana iray voafetra (événement), sy ny asa fanasitranana mitohy ataon'ny Fiangonana, tonga Rafitra ao amin'ny Fiangonana (Institution). Misy mihitsy ny mihevitra fa tsy mahomby ny Fiangonana rehefa tsy manao fanasitranana, tsy maneho fahagagana. Lasa hanaovan'ny sasany dokam-barotra ho an'ny Fiangonana atsangany mihitsy ny momba izany. Tranga amin'ny fotoana voafetra kanefa ireny fanasitranana sy fahagagana omena lanja be dia be ireny. Mila fahamalinana sy fahaiza-mamantatra fanahy samihafa (discernement) ny fanomezandanja tafahoatra ny fanasitranana, fa manao fahagagana koa ange ny devoly (cf. *Apokalypsy 13. 14*: «Ary nisy fanahy maloto anankitelo, tahaka ny sahona, hitako nivoaka avy tany am-bavan'ny dragona sy avy tany am-bavan'ilay biby ary avy tany am-bavan'ilay mpaminany sandoka. Fanahin-demony manao zava-mampitolagaga ireo fanahy maloto ireo»). Nosoritan'i Jean-Louis Leuba ao amin'ny boky nosoratany ny fifamenoana ao amin'ny Rafitra sy ny zava-mitranga eo amin'ny fomba fiasan'Andriamanitra (complémentarité nécessaire entre des éléments institutionnels et événementiels de l'agir de Dieu). Samy hita eo amin'ny asan'Andriamanitra, anehoany ny fahamboniany, ny fampiasany ny olona ao anatin'ny tranga iray tsy miankina amin'ny Rafitra efa misy, sy ny fiasany ao anatin'ny Rafitra. Ohatra anankiray mampiseho izany ny fiantsoany an'i Paoly ho apôstôly, hafa noho ny efa niantsoany ny apôstôly roa ambinifolo (cf. *Asan'ny Apôstôly 9. 3-5, 15-17*). Misy ny olona ampiasain'Andriamanitra hanatanteraka fanasitranana amin'ny fotoana tsy ampoizina, tsy ao anatin'ny Rafitra. Izany no antsoina hoe «Asa fanompoana araka ny Fanomezam-pahasoavana» («*ministère charismatique*»). Fa rehefa raisin'ny Fiangonana ho asany ny fanasitranana izany, dia mety ho tonga Rafitra, «asa fanompoana araka ny Rafitra» (ministère institutionnel). Izay no nahatonga ny Fiangonana nanangana ireo Toeram-pitsaboana isan-karazany, izay misy endrika roa araka

¹ LEUBA, Jean-Louis, *L'Institution et l'Événement, Les deux modes de l'œuvre de Dieu selon le Nouveau Testament*, Delachaux & Niestlé, Neuchâtel et Paris, 1930 n° 266, p. 109-129.

ny hita, ohatra, eo amin'ny Fiangonantsika Protestanta any Madagasikara, dia ny Hôpitaly na Dispensaires etsy andaniny, ary ny Toby etsy ankilany. Ny Tompon'andraikitra ao anatin'ireny toera-pitsaboana ara-drafitra ireny dia manatanteraka asa ho an'ny Fiangonana («fonction ecclésiastique»).

→ Nandinika manokana momba izany Fanasitranana izany ny *Fiangonana Loterana any Alsace Lorraine (ECAAL)*, nandritra ny Fivorian'ny «Consistoire supérieur» (toy ny «Komity Maharitra») tamin'ny taona 2009. Voalaza ao amin'ny tatitr'izany Fivoriana izany fa *fanao azon'ny Fiangonana ampiharina tsara sy tena ara-dalàna ny manao Vavaka fangatahana fanasitranana. Fa tsy tokony adinoina na oviana kanefa fa an'Andriamanitra irery ihany ny manapaka ny fahasitranana na ny tsy fahasitranana (guérison et non-guérison sont dans les mains de Dieu.) Ny Rafitra rehetra dia tsy maintsy misy Fitsipika mifehy azy fa tsy ataotao foana. Amporisihina, araka io tatitra io, mba hampidirina ao anatin'ny fiofanana omena ny Pastora sy ny Tompon'andraikitra ao amin'ny Fiangonana izany momba ny Fanasitranana izany. Voalaza ihany koa ny fahazoana manao *Fanompoam-pivavahana ho an'ny «miasa fatratra sy ny mavesatra entana», ary ny fametrahan-tanana sy ny fanosorana diloilo ho an'izay marary mangataka izany (cf. Matio 11. 28-30; Jakoba 5. 14-15).* Izay no isan'ny nahatonga ny fananganana Toeram-piofanana manokana momba ny Fombana ara-pitsaboana ao amin'ny Faculté de Théologie ao Strasbourg (DU Aumôneries). Na tsy lazaina aza dia hitantsika miharihary ao anatin'izay fanamarihana momba ny fitakiana fiofanana izay ny fifanahafana amin'ny «Asa sy Fampaherezana» tanterahintsika ao amin'ny Fifohazana.*

→ Ao amin'ny *Fiangonana Réformée any Bâle (Suisse)* kosa, nisy fikambanana iraisampinona antsoina hoe «Offene Kirche» nangataka ary nomena trano fiangonana iray mba hahafahan'ny vondrom-behivavy antsoina hoe «mpanasitranana» («*Heilerinnen*») miasa. Voasoratra ao amin'ny site web-n'ilay fiangonana mampiantrano ireo fikambanam-behivavy mpanasitranana ireo, fa manokana fotoana iantsoany olona, ataony hoe «*fetin'ny fanasitranana*» («fête de la guérison») rizareo, ary hazavaina fa izany «fety» izany dia *fetim-bavaka sy fandinihantena omban-tsodrano arahin'ny fametrahan-tanana mba hanome hery ara-panahy sy ara-batana ary fanasitranana ho an'ny olona manontolo (fête méditative avec bénédiction et imposition des mains pour un renfort psychique et corporel et pour la guérison holistique).* Toy ny mpanelanelana mampita ny herin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fametrahan-tanana ireo fikambanam-behivavy mpanasitranana ireo.

Amintsika Fiangonana Malagasy dia manana anjara toerana lehibe io asa fanasitranana io. Ankoatra ny fanomezan-danja manokana izany fanasitranana izany any amin'ireo Fiangonana malagasy vaovao «ara-pilazantsara» (Évangéliques) maro, dia hita ao amin'ny ankamaroan'ny Fiangonana Protestanta (ao anatin'izany ny FPMA) ny asam-pifohazana, vavaka sy fametrahan-tanana fampaherezana sy fanasitranana.

Araka ny fanamarihana nataon'i Jean-Louis Leuba izay noraisiko manokana avy tao amin'ilay Fikaonan-doha momba ny Fanasitranana natao tao Paris, voalazako etsy aloha, ny «Asa fanompoana araka ny Fanomezam-pahasoavana» («*ministère charismatique*») dia tsy tokony ho malalaka sy mahaleo tena mihitsy. Tokony hanara-maso izany ny Fiangonana, tahaka ny fanarahany maso ny fanomezam-pahasoavana rehetra misy ao amin'ny Fiangonana. Mahatonga fandinihana momba ny fisian'ny fanomezam-pahasoana manao fanasitranana

ao amin'ny Fiangonana izany. Voalazan'ny Soratra masina fa misy ny nomen'ny Fanahy fanomezam-pahasoavana hanasitrana ny marary (cf. 1 Korintiana 12. 4,9). Fa tsy azo odiantsy hita kanefa fa raha tsy voafehy io fanomezam-pahasoavana io ao amin'ny Fiangonana, dia manjary manome lanja fanandratan-tena tsy manaiky ho eo ambany fandaminan'ny Fiangonana intsony, satria misy mihevitra, miainga amin'ny tranga (événement), fa «fahefana noraisiny mivantana avy amin'Andriamanitra izany», fa tsy vokatry ny fiantsoana ao anatin'ny Fiangonana, koa raha tena marina ilay fanomezam-pahasoavana dia tokony hiharihary sy hanam-pahefana («*conception autocratique*»: étant donné qu'il tire son autorité d'un don direct de Dieu (et non pas d'une vocation préalable de la part de l'Église), ce ministère «s'impose de soi, s'il est authentique»). Ohatra iray maneho izany ny nataon'i *Neny Rangory* nisian'ny «Fifohazam-panahy tany Ankorondrano Ampefy», tany Madagasikara, ka nahaterahan'ny *Fiangonan'i Jesosy Tsy miova* (FJT). Tsy azo lavina kanefa fa tena sarotra amin'ny Fiangonana ny manara-maso sy mifehy izany, koa izay no mampitombo be dia be ireo antokom-pivavahana miendaka amin'ny Fiangonana misy, ary mitsara akory aza fa «tsy mba manam-pahefana avy amin'Andriamanitra ny Fiangonana izay nialàny».

Na amin'ny fitsaboana ara-tsiansa, na amin'ny fitsaboana amim-bavaka, dia marina sy eken'ny Kristiana foana ilay fanamarihana nataon'ilay Mpitsabo Kristiana malaza, Ambroise Paré, hoe «*Mitsabo izahay, fa Andriamanitra ihany no manasitrana*».

Tsy misaraka amin'ny fahalalana ara-pitsaboana fantany tamin'ny fotoan'andro (à la lumière des connaissances médicales de l'époque), sy ny fomba fijeriny ara-pivavahana izao tontolo izao (leur vision religieuse du monde) ny fifandraisan'ny olona, tany aloha sy ireo hita ao amin'ny tontolo ara-baiboly, amin'ny aretina. Nihevitra ireo olona taloha fa misy fanahy roa samy hafa, fanahy tsara sy fanahy ratsy, ao amin'ny zava-boaary tsirairay avy, ka ny zava-mitranga tsirairay avy dia miankina amin'ny sitrapon'ireo andriamanitra. Araka izany finoana tranainy izany, heverina fa hery mpanao ratsy (puissances malfaisantes) no tompon'andraikitra amin'ny fisian'ny aretina izay tsy hay hazavaina. Misy aretina izay heverina fa fahalotoana, toy ny habokana, ohatra, sy ny aretina sasany mety mahazo ny lehilahy, araka izay voalaza ao amin'ny Levitikosy 13. Avy amin'izany fiheverana izany, ary mbola tsy afaka foana mandraka ankehitriny, na dia eo amin'ny Kristiana maro ao amin'ny Fiangonana aza, ny fandraisana ny aretina ho toy ny sazy na famaizana avy amin'andriamanitra noho ny fahadisoana natao teo amin'ny sehatry ny ara-pivavahana (faute commise la plupart du temps dans le domaine cultuel). Fahita matetika, teo amin'ny jentilisa, ny fisian'ny toeram-pivavahana natokana ho an'ny andriamanitra mpanasitrana, toa an-dry Esculape teo amin'ny grika. Ny fangatahana fanasitranana dia matetika niaraka foana tamin'ny famoahana demonia, fa indrindra vavaka fitalahoana sy fanolorana sorona.

➔ FA AHOANA HOY NY SORATRA MASINA ANORENAN'NY KRISTIANA NY HEVINY MOMBA NY FANASITRANANA ?

Misy andalan-tSORATRA MASINA vitsivitsy HANANKINANAN'NY KRISTIANA MARO NY HEVINY momba ny FANASITRANANA.

❶ Hatramin'ny tany amin'ny FANEKEMPIHAVANANA TALOHA, dia norarana tanteraka ny fanaovana fankatovana (pratiques magiques) sy ody. Tsy misaraka amin'ny fahalalana ara-pitsaboana fantany tamin'ny fotoan'andro (à la lumière des connaissances médicales de l'époque), sy ny fomba fijeriny ara-pivavahana izao tontolo izao (leur vision religieuse du monde) ny fifandraisan'ny olona, tany aloha sy ireo hita ao amin'ny tontolo ara-baiboly, amin'ny aretina. Efa voalazantsika tary aloha fa Andriamanitra Tompon'ny fiainana Irery ihany no tokony hitodihana, fa Izy Irery ihany no afaka mahatonga fahasitranana ka mahatonga famonjena amin'ny famerenany indray ao amin'ilay marary ny hery fototra izay nokikisan'ny aretina sy nataony tonga malemy: «Aoka eo aminareo tsy hisy olona mpandefa ny zanany lahy na ny zanany vavy hatao sorona, na mpimasy, na mpanandro, na mpisikidy na mpamosavy; aoka eo aminareo tsy hisy manao fandraikiraikena na manadina ny olona tsindrianjavatra, na mamoha angatra, na manontany ny maty, fa izay rehetra mpanao ireny zavatra ireny dia mahatsiravina eo imason'ny TOMPO; ary izany no handroahan'ny TOMPO Andriamanitrareo an'ireny firenena ireny eo anoloanareo. Aoka ianareo hifikitra tanteraka amin'ny TOMPO Andriamanitrareo». ***Deuteronomia 18. 10-13.*** Ny fanatonana an'Andriamanitra no mampahery sy manasitrana, ka manome fahatokiana ho an'ny marary izay efa mila ho kivy satria mahatsiaro ao anatin'ny aretina, eo ambavahaona fa manakaiky azy ny fahafatesana: «Tao ireo adala toetra nijaly tokoa noho ny hadisoana sy ny heloka vitany, ka nomonamonainan'ny sakafo rehetra ary efa teo ambavahaonan'ny fahafatesana. Dia niantso vonjy tamin'ny TOMPO izy fa ory ka nafahany tamin'ny fahatereny, nandefasany ny teniny, dia sitrana ary notsoahany tao anaty lavaka» ***Salamo 107. 17-20.*** Hoy ny hafatra sy ny vavaka nataon'ny mpaminany manoloana ny aretina: «Nitondra ny aretintsika tokoa izy sady nivesatra ny fahoriantika; saingy isika no nihevitra azy ho nofaizin'Andriamanitra Izay nikapoka sy nampietry azy. Kanefa voalefona noho ny helotsika izy sady notorotoroina noho ny fahadisoantsika; ny famaizana antoky ny fiadanantsika no nihatra taminy, ary ny ratra nahazo azy no nahasitrana antsika.» ***Isaia 53. 4-5.*** Hita ao anatin'io hafatry ny mpaminany io ny fampifandraisana ny aretina (sy ny fahoriana) amin'ny famaizana ataon'Andriamanitra noho ny fahadisoana, nefa ihany koa fitaizana ataon'Andriamanitra ho an'izay mino Azy. Andriamanitra Irery ihany no iantorahana satria tsy misy mahay manome fahasitranana afa-tsy Izy irery ihany. Hoy ny fivavaky ny mpaminany, hoe: «TOMPO o, sitrano aho, dia ho sitrana; vonjeo aho, dia ho voavonjy, fa antony hiderako Anao izany. » ***Jeremia 17. 14.*** Haintsika rehetra ihany koa ilay Salamo fankasitrahana sy fiderana an'Andriamanitra noho ny soa rehetra nataony, ka ao anatin'izany soa izany ny Fanasitranana: «Eny, aoka hisaotra ny TOMPO aho, ka tsy hisy hohadinoiko ny soa nataony! Fa Izy no mamela ny heloko rehetra ary manasitrana ny aretiko rehetra.» ***Salamo 103. 2-3***

Manana fifandraisana manokana amin'ny olony Andriamanitra, ka ny aretina dia heverina ho vokatry ny fivadiham-panekena tamin'ny olona. Ny Fanasitranana dia famerenana amin'ny laoniny indray ny fifandraisana. Misy foana, etsy andaniny ny fitaizam-panahy, fandresena lahatra ny Zanak'Israely vahoakan'Andriamanitra mba haharitra amin'ny finoana sy fankatoavana ny Tompo; « Hoy Izy taminy: Raha ankatoavinareo tokoa Aho

TOMPO Andriamanitrareo, ka ataonareo izay heveriko ho marina, raha henoinareo ny didiko, ka tandremanareo ny fitsipiko dia tsy hisy hataoko aminareo ny aretina rehetra izay namelezako ny Ejiptianina, satria Izaho no TOMPO Izay manasitrana anareo. » **Eksodosy 15. 26.** Samy mifandray amin'izany ireo andalan-tSoratra masina hafa hitantsika ao amin'ny Fanekena Taloha, toy ny **Joba 5. 18:** «Fa Andriamanitra dia mety mampijaly, raha mitsabo fery; ary ny tanany dia mety mandratra, raha manasitrana», izay fanamarihana nataon'ireo naman'i Joba izay nanizingizina fa ny nanotan'i Joba sy nahadiso azy teo anatrehan'Andriamanitra no nahatonga ny aretiny.

Fa eo amin'ny Fanasitranana dia zava-dehibe ho an'ny marary sitranina ny fahafahany mihaino sy mandray indray ny Tenin'Andriamanitra. Ny fanginan'Andriamanitra mantsy dia midika ho fanaovan'Andriamanitra ho tsinontsinona sy fandozany ny olona: «TOMPO o, miantso vonjy aminao aho. Ianao no Vatolampy fialofako ka aza manentsin-tadiny amiko; satria raha anginanao tsy valiana aho, dia ho tahaka an'ireo olona afaka aina izay efa midina mankany am-pasana» **Salamo 28. 1.**

⊗ Hitantsika koa ao amin'ny FANEKEMPIHAVANANA VAOVAO fa natonina foana Jesoa Kristy nanoloana ny aretina. Voalaza matetika ny hoe «Jesoa onena azy ka nahasitrana ny marariny» (**Matio 14. 14; 20. 34; Marka 1. 41.**) Miseho ho tena Mpamonjy sy Mpanafaka ny olona Jesoa, ka mitondra fahasalamana ara-batana sy famonjena ny fanahin'ny olona. Miara-dalana teo amin'ny fanasitranana nataon'ny Tompo ny fanalana ny rofy ara-nofo, fanalana ny aretina, ary ny famelan-keloka, famonjena ny fanahy. Teo ampiandohan'ny asany tety ambonin'ny tany, voalaza fa: «Ary nitety an'i Galilea manontolo i Jesoa, ka nampianatra tany amin'ny sinagogan-dry zareo ary nanao antso avo ny Vaovao Mahafaly momba ny Fanjakan'ny lanitra sady nanasitrana ny aretina mbamin'ny rofy rehetra teo amin'ny vahoaka» **Matio 4. 23.** Fantatra fa misy tahotra sy ahiahy manavesatra ny olona marary, koa tsy fanafahana ara-nofo fotsiny no entin'ny fanasitranana nataon'ny Tompo, fa fanomezana hery vaovao, tena fanasitranana eo amin'ny lafiny ara-panahy mihitsy koa, omban'ny fanamaivanana ny enta-mavesatra amin'ny alalan'ny famelan-keloka. Hita izany, tamin'ny nanasitranany ilay lehilahy nararin'ny paralysisa: «Ary indro nisy lehilahy malemy nilamaka am-pandriana, nentin'olona teo aminy. Hitan'i Jesoa ny finoan'ireto olona, ka hoy Izy tamin'ilay malemy: Mahereza, anaka; voavela ny helokaol! ...Aoka ho fantatrareo fa ny Zanak'olona eto an-tany dia manam-pahefana hamela heloka! Tamin'izay dia hoy i Jesoa tamin'ilay malemy: Mitsangana, batao ny fandrianao ka ndeha mody!» **Matio 9. 2,6.**

Ny asa fanasitranana nataon'i Jesoa Kristy dia fahatanterahan'izay efa nampilazaina ny mpaminany tany aloha: « Nony hariva ny andro, dia maro ny azon'ny demony no nentin'ny olona teo amin'i Jesoa; teny fotsiny no nataon'i Jesoa handroahana ireny fanahy ratsy ireny. Ary izay rehetra narary dia nositraniny avokoa; hany ka tanteraka ilay voalazan'ny Tompo tamin'ny alalan'i Isaia mpaminany hoe: Izy no naka ny rofintsika sy nitondra ny aretintsika» **Matio 8. 16-17.** Fanamafisana izay efa nambara tao amin'ny **Isaia 53. 4-5**

nolazaintsika tetsy aloha izany. Mbola notsarovan'i Petera koa izany, raha hoy izy, hoe: «Ny tenan'i Kristy no nitondra ny fahotantsika teo ambony hazofijaliana, mba hitsaharantsika amin'ny fahotana ka hivelomantsika hanao ny marina; ary ny dian-kapoka taminy no nahasitrana anareo» 1 Petera 2. 24.

Famantarana sy toy ny fanamarinana ny ny asa fitoriana ny Vaovao Mahafaly, fanatanterahan'ny Fiangonana Kristiana voalohany ny andraikitra nomen'ny Tompo azy, ny fanasitranana marary. Ampahatsiarovintsika foana izany eo amin'ny Teny fanorenana ny Asa Fampaherezana ao amin'ny Fifohazana: «Ary ireto no famantarana homba izay mino: handroaka demony amin'ny anarako izy; hiteny amin'ny fiteny vaovao; handray menarana sy hisotro poizina mahafaty, nefa tsy haninon-tsy haninona; ary hametra-tanana amin'ny marary, dia ho sitrana ireny.» Marka 16. 17-18. Baiko nomen'ny Tompo rahateo, raha naniraka ny mpianany izy, ny hanasitrana ny marary: «Raha misy tanana idiranareo ka mandray anareo ny olona, dia hano izay aroso anareo; sitrano izay marary ao ary ny mponina ilazao hoe: Efa tonga eto aminareo ny Fanjakan'Andriamanitra» Lioka 10. 8-9. Nisy foana ny fanasitranana rehefa notoriana ny Vaovao Mahafaly: «» Asan'ny Apostoly 5. 16. Fa tsy ny Fanasitranana akory no tena vaindohan'ny asa nahatongavan'ny Tompo tety ambonin'ny tany, fa ny hanolotra ny ainy ho sorona hampihavana antsika amin'Andriamanitra Rainy: «Tamin'izay fotoana izay, dia nisy Farisianina sasany nankeo amin'i Jesoa ka nanao taminy hoe: Miala teto ianao ka mandehana any an-kafa, satria fofoin'i Heroda ny ainao. Fa novalian'i Jesoa hoe: Ndeha ilazao ilay fosalahy iny hoe: Indro Aho mandroaka demony sy manasitrana anio sy rahampitso; ary rahafakampitso dia hefaiko ny asako.» Lioka 13. 31-32. Notakian'ny Tompo tamin'ny mpianany ny finoana, tsy ny fialokalofana ao amin'ny finoana itambaran'ny maro fotsiny akory, fa ny finoana manokana ananan'ny tsirairay (*foi personne*). Mety handresy lahatra ny fanasitranana ombampahagagana, kanefa nananatra izy an'i Tomasy izay taratry ny olona mitoky amin'ny fandresen-dahatra ara-tsaina miainga amin'ny hita maso sy azo tsapain-tanana: « Fa hoy i Jesoa taminy: Noho ianao nahita Ahy, dia nino; sambatra kosa izay tsy nahita, nefa nino. Maro koa ny famantarana hafa nataon'i Jesoa teo imason'ny mpianany no tsy voasoratra amin'ity boky ity. Fa voasoratra ireo famantarana ireo mba hinoanareo fa i Jesoa no ilay Mesia, ilay Zanak'Andriamanitra, ary mba hahavelona aina anareo amin'ny alalany, raha mino Azy ianareo» Jaona 20. 29-31.

Voalazantsika fa misy ny Fanasitranana tsy ara-drafitra, fa asa ampanaovin'Andriamanitra manokana ny mpanompony amin'ny fotoana mahamety izany. Tsy herin'ny tena, na fahefan'ilay mpanasitrana azy manokana kanefa izany, fa tena asan'Andriamanitra, ka amin'ny Anaran'i Jesoa sy amin'ny finoana Azy ihany no mahasitrana ny marary. Izany no notorian'i Petera raha nanasitrana ilay lehilahy malemy tongotra nangataka teo anilan'ny Vavahadin'Itsaraendrika tao amin'ny tempoly tao Jerosalema izy: «Raha nahita izany i Petera, dia niteny tamin'ny vahoaka hoe: Ry vahoaka israelita, nahoana no gaga amin'izany ianareo? Nahoana izahay no banjininareo hoatra ny hoe herinay manokana na ny fitiavam-bavakay no nampandeha io lehilahy io? ...Nino ny anaran'i Jesoa ralehilahy izay hitanareo sy

fantatrareo io, ka ny herin'ny anaran'i Jesoa no nampatanjaka azy; ny finoana avy amin'i Jesoa no nahatomady azy tanteraka indray araka izao atrehinareo rehetra izao» **Asan'ny Apôstôly 3. 12,16.** Raha nandalina momba ny «Fahefana na Hery enti-manasitrana» (*Pouvoir de guérison*) tao amin'ilay Fikaonan-doha natao tao Paris, voalazako tetsy aloha, resy lahatra ny rehetra tao fa tsy tokony hoe «Hery» no teny ampiasaina, fa aleo kokoa mampiasa ny teny hoe «Fanomezam-pahasoavana» (*Charisme*), satria tsy fahefana manokana ananan'ny olona manasitrana no ampiasainy, fa tena «fanomezana», mifamatotra akaiky amin'ny Fanahy omen'Andriamanitra. Tsy azo heverina rahateo koa fa hery na fahefana maharitra izany (*pouvoir permanent*), tsy mety diso sy mitohy, fa io hery enti-manasitrana io dia fanomezam-pahasoavana omen'Andriamanitra, miasa eo amin'ny toerana sy amin'ny fotoana heverin'Andriamanitra fa mahatsara izany («*ubi et quando visum est Deo*» «*où et quand Dieu l'a cru bon*). Tsy nihevitra ny tenany mihitsy ho nanao asa fanasitranana Petera, fa Jesosy irery ihany no manasitrana. Hoy izy, raha nanasitrana an'i Enea, efa valo taona nilamahana, tany Lyda, hoe: «Ary hoy i Petera taminy: Ry Enea, manasitrana anao i Jesoa Kristy! Mitsangana ka amboary ny fandrianao! Dia nitsangana niaraka tamin'izay i Enea.» **Asan'ny Apostoly 9. 34.**

Hamafisin'ny apôstôly Paoly izany, raha milaza ny amin'ny Fanomezam-pahasoavana samihafa izy: «Voazarazara ho samy hafa ny fanomezam-pahasoavana, nefa ny Fanahy Masina dia iray ihany... Ny anankiray omen'izany Fanahy izany finoana; ary ny anankiray omen'izany Fanahy izany fanomezam-pahasoavana hanasitrana marary» **1 Korintiana 12. 4.** Tahaka ny fanomezam-pahasoavana hafa kanefa, dia tsy maintsy fehezizay nomena izany fanomezam-pahasoavana hanasitrana izany izay nomena azy.

Misy fomba noraisina avy amin'ny fanasitranana fanao teo amin'ny fiaraha-monina, nanjary noraisin'ny Fiangonana ka namboariny hanjary ho tonga Rafitra. Ny vavaka atao amin'ny finoana, ampiarahina amin'ny fanosorana diloilo, dia inoana fa mahatonga fahasitranana, tsy ara-nofo fotsiny, fa ara-panahy indrindra koa:«Misy marary ve ianareo? Aoka izy hampiantso ireo loholom-piangonana hivavaka eo aminy sady hanosotra diloilo azy amin'ny anaran'ny Tompo? Fa izany vavaka izany, rehefa atao amim-pinoana, dia hahavonjy ilay marary: hositrain'ny Tompo izy ary, raha nanota, dia havela ny helony» **Jakoba 5. 14-15.**

FAMARANANA

Mahalasa eritreritra matetika, raha mandinika momba ny Fanasitranana, ny fahitana ny fisian'ny fomba fitsaboana, «toa mahomby», kanefa sady tsy araka ny fitsaboana mahazatra ifanarahana eo anivon'ny fiaraha-monina (*médecine conventionnelle*), no tsy manaraka koa ny fitsaboana ara-drafitra ao amin'ny Fiangonana. Eo amintsika Malagasy, ohatra, dia tafiditra ao anatin'izany ny fampiasana ny Tambavy, ny fisian'ny mpitsabo nentipaharazana, amin'ny alalan'ny hotra (*massage*), ny «Rain-jaza» mbamin'ny «Renin-jaza». Moramora amintsika Kristiana ny manasokajy ireny fitsaboana ireny ao anatin'ny hoe «Fanompoan-tsampy». Marina fa matetika, haraoraotin'ny devoly izy ireny ka ampiasainy hamitahana sy hitarihana ny olona hisaraka amin'Andriamanitra. Hita indrindra izany,

rehefa mitompo teny fatratra ilay mpitsabo ka mihevitra fa manana hery manokana avy amin'Andriamanitra ka afaka mampiasa izany araka izay tiany. Ampahatsiarovina ihany fa any amin'ny toerana tsy ahafaha-misitraka ny Fitsaboana eken'ny maro sy ifanarahana eo amin'ny fiaraha-monina (médecine conventionnelle) no isehoan'ireny fitsaboana «toa mahomby» ireny. Misy koa ny mpitsabo «toa mahomby» izay mety ho nampiasain'Andriamanitra tao amin'ny fotoana voafetra mba hanasitrana, kanefa manana ny fahalemeny sy tsy fahampiany eo amin'ny fiainany andavanandro eo anivon'ny fiaraha-monina, ka araoraotin'ny olona sasany manan-katao sy manam-pahefana, apetrany eo ambany fiahiany mba hampiasainy ho fitadiavam-bola na fitadiavam-boninahitra. Ohatra, ilay zazavavy nanana fanahy mahavaly nifanehatra tamin'i Paoly sy Silasy tao Filipy (cf. Asan'ny Apôstôly 16. 16-18). Misy indray ny nampiasa ny fahefany ho fitadiavan-tombontsoa manokana. Hitantsika ao amin'ny Soratra masina ny karazan'ireo olona ireo. Ohatra amin'izany, Simona tany Samaria, izay nitady handresy lahatra ny apôstôly mba hivarotra aminy ny fahefana manome ny Fanahy masina, noheveriny fa hampitombo bebe kokoa ny fahefana efa nampiasainy teo aloha (cf. Asan'ny Apôstôly 8. 9). Mila fandinihana sy fahaiza-mamantatra tsara kanefa ireny fitsaboana ireny, mba tsy hahalavo antsika ao anatin'ny vela-pandriky ny devoly. Raha tany Atena ny apôstôly Paoly, niady hevitra tamin'ireo Ateniana fatra-pikaroka ny fahendrena ara-tsaina, dia nanambara mazava tsara izy ny «Faharipon'Andriamanitra itondrànny izao tontolo izao». Ho an'ny Teôlôjiana dia antsoina hoe «*De Providentia Dei* » (*Providence*) izany. Hoy ny apôstôly Paoly, hoe: «Nataon'Andriamanitra izany mba hahazoan'ny olombelona mitady Azy, sao izy ireo mba mety maminavina Azy sy mifandray aminy; fa Andriamanitra dia tsy lavitra antsika tsirairay avy, satria Ao aminy no ivelomantsika sy ihetsiketsehantsika ary isiantsika. Izany indrindra koa no nilazan'ny mpanao tononkira sasany teo aminareo hoe: Avy amin'Andriamanitra no ipoirantsika. Koa satria avy amin'Andriamanitra no ipoirantsika, dia tsy tokony hoheverintsika fa Andriamanitra dia mitovy endrika amin'ny sampy volamena na volafotsy na vato, sary sokitra vokatry ny fahaizana amam-pisaintsainan'olombelona. Kanefa ninian'Andriamanitra tsy jerena intsony ireo andro tsy nahalalana Azy, fa antsoiny hiala amin'ny toe-dratsy avokoa ny olona rehetra, na aiza na aiza. » Asan'ny Apôstôly 17. 27-30.

Ao anatin'izany «Providence» izany no ametrahantsika ny atao hoe «Fitsaboana ny olona manontolo» (*thérapie holistique*).

Ny teny hoe «holistika» (*holistique*) dia avy amin'ny teny grika hoe «*holos*», midika hoe «*ny manontolo*». Ny «Fitsaboana ny olona manontolo» (*thérapie holistique*), araka izany, dia fomba fitsaboana manome lanja ny manontolo amin'ilay olona tsaboana: samy jerena daholo ny momba ny ara-tsaina ao aminy (dimensions mentales), ny fihetsehampo (émotionnelles), ny ara-panahy (spirituelles), fa indrindra ny ara-batana sy araka ny hery (physiques et énergétiques). Misy fomba samihafa ny fomba hanaovana izany, ka ny ankamaroany dia nakana hevitra avy amin'ny fomba fitsaboana tatsinanana tranainy. Mifameno ireo fomba fitsaboana ireo ka samy azo arahina fa tsy mifanipaka mihitsy. Raisintsika manokana ny Fitsaboana mifototra indrindra amin'ny alalan'ny fifampidinihana (Relation d'aide). Psychologue amerikana iray, Carl Rogers, no nanomboka io asa fitsaboana io. Tarihina ilay

olona tsaboina, ampiana izy mba hahay manavaka tsara izay rehetra manelingelina azy eo amin'ny fiainana, ny sakana samihafa tsaroany ary zava-tsarotra iainany. Zava-dehibe tokoa ny fahaiza-mihaino sy fiezahana hahafantatra tsara (comprendre) ilay henoina ho an'izay mitsabo. Tsy tokony hisy mihitsy fifampitsarana, satria raha tsaroan'ilay ampiana fa henoina izy, ny fahatsapany ny fitiavana sy ny fifandraisana madio tsy misy ambadika (bienveillance et relation objective) dia manampy mba hahatsiaro fanafahana ka mahatsiaro mandray tohana eo amin'ny fotoan-tsarotra lalovana. Ny fifandraisana amim-pitiavana (empathie) no fototra iorenan'ny fifampidinihana. Mifandray am-po tsikelikely ny mpanampy sy ny ampiana mandritra ny fitsaboana amin'ny fifampidinihana, ary mitombo tsikeluikely ny fifampitokisana. Raha tarihina hitodika amin'Andriamanitra ilay marary dia hahatsiaro lalina ao aminy koa ny fitiavan'Andriamanitra, ka hiaina izay nambaran'ny apôstôly Paoly, hoe: «Iza no hahasaraka antsika amin'ny fitiavan'i Kristy? Fahoriana ve, sa fihafiana, sa fanenjehana, sa mosary, sa fahantrana, sa loza, sa fahafatesana? Araka ny voalazan'ny Soratra Masina hoe: Noho ny aminao no anatrehanay fahafatesana tontolo andro; toy ny ondry hovonoina ny fihevitra ny olona anay! Amin'izany rehetra izany anefa, dia tena mpandresy tanteraka isika, amin'ny alalan'Ilay efa tia antsika. Satria matoky aho fa tsy hisy hahasaraka antsika amin'ny fitiavana asehon'Andriamanitra antsika; eny, na ny fahafatesana, na fiainana, na anjely, na ireo fanapahana na ireo hery eny ana habakabaka, na zavatra ankehitriny na zavatra ho avy, na zavaboary inona, dia tsy hisy hahasaraka antsika amin'ny fitiavana asehon'Andriamanitra antsika ao amin'i Kristy Jesoa Tompontosika» **Romana 8. 35-39.** Na dia tsy tsaroana ho Fitsaboana aza indraindray, ara-drafitra dia manakaiky ny Fitsaboana holistika ny fifampidinihana hataon'ny Mpitandrina, ny Mpiandry amin'ny marary (*Poiménique*). Ny tena fahasitranana dia ny fiverenana feno eo ambany fitahian'Andriamanitra ka matoky Azy, ary mahatsiaro tena sy mangataka hery avy Aminy mba hanao ny sitrapony sy ho tena vavolombelony.

Nampitaina avy teto Sainte Clotilde, La Réunion, 24 Jona 2020

Rev. Dr Jean A. RAVALITERA